# NY MIVOAKA ITANY

**LOHAHEVITRA**

- Mahalala sy mahafantatra ny riba sy soatoavina malagasy tarafina amin'ny fomba amam-panao amin'ny fahaterahana.

**LESONA HO TADIDINA**

**Lahatsoratra:**

Ny mivoaka itany

Rehefa dify ny herinandro na mahery kely dia mivoaka eny an-tokontany ny mpifana miaraka amin'ny velon-dray aman-dreny mitafy lamba landy mitrotro ny zaza vao teraka, izay no atao hoe « Mivoaka Itany » na Mivoaka an-tokontany.

Ravahina vakoka ny zazakely ; raha vavy ilay vao teraka dia zazvavy 'mildoloha saronankarona' no manaraka ny mpitrotro azy. Raha lahy kosa dia zazalahy 'milanja famaky sy tady mahazaka ary mizana' no manaraka azy.

Eo anoloan'ny fahitra lehibe ilay zaza no entina ho tsofin-drano hanan-karena sy ho salama tsara ary ho tratra antitra. Alohan'ny hiverenana hiditra ao antrano dia manodidina in-telo ny trano aloha vao miditra.

## 1- Famaritana

Ny mivoaka itany dia fivoahan'ny reny sy ny zaza voalohany eny an-tokontany. Rehefa teraka hafitoana na herinandro eo ho eo ny reny dia mivoaka voalohany eny an-tokotany izy sy ny zazza vao teraka. Maneho ny fidirana amin'ny tontolon'ny misy sy ny tontolon'ny velona.

## 2- Dingana amin'ny mivoaka itany

- Entin'ny velon-dray aman-dreny mivoaka ny trano ny zaza vao teraka
- mandalo eny amin'ny fahitra mba hotsofin-drano
- entina mihodidina in-telo na im-pito ny trano
- Miverina ao an-trano mifana miaraka amin'ny reny

## 3- Ireo fitaovana ilaina

Fotoana anavahana sahady ny zazalahy sy zazavavy sy ny andraikiny avy eo amin'ny fiarahamonina malagasy ny famoahan-jaza. Manasongadina izany ireo fitaovana ampiasaina ao anatin'ny lanonana

- Vakoka atao ravaky ny zaza
- Tsy maintsy ividianana lamba landy vaovao ny mpitrotro ny zaza.
- Omanina avy hatrany ny fitaovan-dakozia sy ny taozavatra vita malagasy vitsivitsy fampiasa ao an-tokantrano raha vavy ny zaza.
- Atao vonona kosa ny fitaovana fiandrasana omby sy fiasana tany raha lahy ny zaza.

## 4- Tso-drano sy vavaka atao

Toy izao ny vavaka asandratra:

*"Any Ianareo Andriamanitra Andriananahary sy ny Razana!*
*Io ny zanakareo,*
*Ambino ho soa, ho tsara;*
*Tahio ho ela velona hiara-miriaria aminay;*
*Hikapa hahita ny tonony,*
*Handidy hahita ny vaniny,*
*Ho salama tsy harofy;*
*Ho irin'olona fa tsy haniry olona*
*Masina Ianareo!"*

## 5- Lanjan'ny fanatanterahana ny mivoaka itany

Ianteherana amin'ny raharaha madinidinika ny zaza ao an-tranon-dray aman-dreniny. Santatry ny fanefany adidy eo anivon'ny fiarahamonina izany. Mandray anjara amin'ny adidin'ny ray na ny reny izy rehefa tonga taona. Antenaina amin'ny raharaha mazamazana sy izay any ivelany ny zazalahy rahatrizay. Lehibe indrindra amin'ireny ny asa tany. Mikarakara tokantrano kosa ny zazavavy rehefa tonga reny. Tsy ho lavorary anefa izany rehetra izany raha tsy tomombana ny fahasalamana satria "Ny fahasalamana no voalohan-karena." Rariana ho salama ny zaza, araka izany, mba hahavitany ny anjara birikiny ankehitriny sy amin'ny ho avy. Taratra amin'ny vavaka atao sy ny fihetsika tanterahina mandritra ny fivoahan'ny zaza izany.

**SAHANASA 1**

1- Inona ny hevitr'ireto fitaovana ampiasaina amin'ny mivoaka itany ireto:

→ Lamba landy
→ Tady mahazaka
→ Famaky
→ Saronan-karona

2- Inona ny hevitr'ireto fihetsika ireto

→ mivoaka any an-tokotany
→ olona velon-dray aman-dreny mitrotro ny zaza
→ mandeha eny amin'ny fahitra
→ fiodidina ny trano in-telo na im-pito

**SAHANASA 2**

Indro ampahana fanadihadiana:

Rehefa nifàna herinandro ny mpiteraka dia entina mivoaka voalohany an- tokontany ny reniny sy ny zaza vao teraka.
Ravahana haba ( vangovango, vakoka) ny tanany, indraindray koa ny tongony.
Velon-dray aman-dreny mitafy lamba landy ny mitrotro ny zaza vao teraka.
Raha vavikely ny zaza vao teraka, dia zazavavy miloloha saronan-karona no manaraka .
Raha zazalahy ny zaza vao teraka, dia lahikely milanja famaky sy tady mahazaka ary mizana no manaraka azy.

1- Inona moa ny atao hoe mifana?
2- Iza avy ny mpandray anjara amin'ny lanonan'ny mivoaka itany?
3- Teo amin'ny Malagasy, inona ny lanjan'ny zanaka sy ny lanjan'ny reny